n° 53

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara
Mivoaka isaky ny telo volana
Marsa 2022

## ATSARAINA NY FAMOKARANA TRONDRO TANTANAM-PIANAKAVIANA



### « Inona no atao hoe Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana ? » (P. 2-3)

**Matsiatra Ambony**

**Fitaovana zary fananan'ny mpiompy trondro** (P. 4)

**Itasy**

**Mitantam-bola hahazoana mamatsy ny asa fanajariana** (P. 4)

Région Nouvelle-Aquitaine · AFD · Fondation Lord Michelham of Hellingly · Financé par l'Union européenne · coopération allemande DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT · Mis en œuvre par giz Deutsche Gesellschaft für Internationale Zusammenarbeit (GIZ) GmbH · Région Normandie

## SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Faly miarahaba anareo nahatratra ny taona 2022 sy manolotra ity laharana vaovao ity ny ekipan'ny gazety « Ny Feon'ny mpiompy trondro ». Ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana no horesahina amin'ity indray mitoraka ity, fomba fiasa nampiharin'ny APDRA vao tsy ela teny ifotony.

Ahazoan'ny mpiompy trondro taham-bokatra tena tsara ny fifehezana ny teknikam-pamokarana. Kanefa mety hanakana ny fivoarana eo amin'ny asa ataony ny olana ara-pitantanana eo amin'ny famokarany. Manoloana izany, afaka mitondra vahaolana ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana na ny TFT.

Hohazavainay aminareo mialoha ny atao hoe Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana. Hoampahafantarina aorian'izay ireo fitaovam-pitantanana izay noforonin'ny APDRA, rahefa izany dia amin'ny alàlan'ny ohatra vitsivitsy tao Itasy, Amoron'i Mania sy Vakinankaratra avy eo no hahitanareo ny fomba nentin'ny TFT nanatsara ny fitantanana ny famokarana trondro, hatramin'ny fidiram-bolan'ny fianakaviana. Amin'ny alàlan'ny traikefan'ny tetikasa ARENA ihany koa no hanehoanay fa misy ny paikady ara-toekarena izay ahafahana mirotsaka amin'ny fiompiana trondro na dia tena kely aza ny enti-manana.

Amin'izao fotoana hanakatonanay izao laharana izao no vao avy niharan'ny loza ara-toetrandro mafy i Madagasikara. Nifanesy ny haintany narahina rivodoza ka namoizana ain'olona sy niteraka fahasimbana fitaovana maro. Teo amin'ny lafiny fiompiana trondro dia sarotra tamin'ny maro amintsika ny nanomboka ny taom-pamokarana 2021-2022, tianay araka izany ny maneho etoana ny fiarahanay miombona aminareo.

Eo anilanareo hatrany izahay hanohy ny fampivoarana ny asa famokaranareo trondro, sy hiatrika ny fikorontanan'ny toetrandro ankehitriny.

**Ny ekipa FMT**

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny famokarana trondro tantanam-pianakaviana

# Inona no atao hoe Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana ?

*I Chloé Van Moere, tompon'andraikitra misahana ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana (TFT) teo aloha, teo anivon'ny APDRA Madagasikara, no hanazava ny fototra iorenan'io fomba fiasa io.*

**FMT : Ahoana ny famaritanao ny TFT ?**

**Chloé :** Ny Torohevitra ho an'ny Famokarana Tantanam-pianakaviana amiko dia fomba fiasa mifototra amin'ny fiaraha-mamorona torohevitra eo amin'ny mpanentana sy ny tantsaha : lenta mitovy no iarahan'izy ireo miasa. Mijery ny zava-misy ankapobeny eo amin'ny famokarana ny TFT. Tsy mifantoka fotsiny amin'ny fampiharana ny teknika eo amin'ny fiompiana, fa ampiasaina koa ireo antontan'isa ara-toekarena ary jerena izay mitranga eo amin'ny lafiny hafa amin'ny famokarana. Tokony hifanaraka amin'ny fanontaniana sy ny filàn'ny tantsaha tsirairay ny TFT, fa tsy ho torohevitra mamerina ny hafatra ara-teknika fotsiny ihany. Farany, satria ao Madagasikara, ny tokantrano no mitantana ny asam-pamokarana dia mampandray anjara ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny adihevitra sy ny fifampidinihana, tena zava-dehibe izany.

**LVRP : Nahoana ny APDRA no nampiasa io fomba fiasa vaovao io ary ahoana no nampiharany azy ?**

**Chloé :** Nametraka io fomba fiasa io ny APDRA mba hamaliana ireo mpiompy trondro izay nangataka fiofanana sy tohana amin'ny lafiny ara-pitantanana ny famokarana ataon'izy ireo. Ahafahanay mandray tsara ireo singa ara-toekarena sy ny famokarana ankapobeny ilainay amin'ny fanjohina eny ifotony ihany koa io fomba io. Tsy misaraka amin'ny asa famokarana




*Chloé, tompon'andraikitry ny TFT teto Madagasikara ny taona 2019 hatramin'ny 2021*

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny famokarana trondro tantanam-pianakaviana

hafa ny fiompiana trondro ! Matetika mifandray amin'ny fiompiana omby ohatra izy, vokatry ny fampiasana zezika. Tena miankina amin'ny tahirim-bola ihany koa ny fampiharana ny teknika : tsy azo ampiharina indraindray ny teknika nohatsaraina vokatry ny tsy fisian'ny vola. Afaka manatsara ny kalitaon'ny tohana entin'ny mpanentana (ACP) sy ny fitantanan'ny mpiompy trondro ny famokarany ny TFT. Namorona sy nanandrana ny fomba fiasa TFT tao amin'ny faritra Itasy izahay ny taona 2019 hatramin'ny 2020. Nofantarinay tamin'izany aloha ireo olana eo amin'ny fitantanana ny famokarana trondro. Izany no nahafahanay nanamboatra fitaovana tsotra, mety amin'ny mpiompy trondro sy ny ACP, hanampiana azy ireo amin'ny fandalinana. Ankehitriny, ireo no fitaovana fototra ifampiresahan'ny ACP sy ny mpiompy trondro. Ampiasaina ireo amin'ny fanjohiana eny ifotony sy amin'ny fotoana manan-danja amin'ny taom-pamokarana. Mora ho an'ny mpiompy trondro ny mamantatra ny fanatsarana entina amin'ny famokarana trondro vokatry ny fisian'ireo fitaovana ireo sy ny fiarahan-dian'ny ACP. Tsara kokoa anefa ny manontany mivantana ny hevitr'izy ireo ! Ho anareo mpiompy trondro na lehilahy na vehivavy izay mamaky ity lahatsoratra ity ary mampiasa ny fitaovan'ny TFT ihany koa dia aza misalasala mizara ny fahitànareo izany ao amin'ny laharana manaraka !

**FMT : Inona no fanambinareo tamin'ny nametrahana ireo fitaovam-pitantanana ireo ?**

**Chloé :** Ny tarehimarika, ny kajy, ny firaiketana an-tsoratra, … mety ho vaovao sy sarotra ho an'ny mpiompy trondro ireo rehetra ireo ! Nisy ny ezaka fampiofanana sy « fanapariahana » ireo voambolan'ny fitantanana tsy maintsy natao. Voarain'ny mpiompy trondro tsara anefa ireo fitaovana taorian'ny fiarahan-dia mifanaraka amin'izany sy ny famerimberenana ny fiofanana natao. Nisy ihany koa ny fanamby ho an'ny ACP, fomba fiasa vaovao mantsy izy io : nasainay nampivelatra ny fomba fijeriny izy ireo fa tsy hifantoka amin'ny fiompiana trondro sy ny lafiny teknika fotsiny ihany. Taorian'ny fampiofanana vitsivitsy sy ny fampiharana ifotony dia nandeha tsara ny asa rehetra.

**FMT : Tena nila ireo fitaovam-pitantanana ireo ve ny mpiompy trondro ary inona no fiovana azon'izy ireo tamin'izany ?**

**Chloé :** Malalaka ny mpiompy trondro na hampiasa na tsia ireo fitaovana ireo. Anjaranay kosa anefa ny manome azy ireo fahalalana sy fahaiza-manao mikasika ny fitantanana ny fiompiana trondro. Ny fanomezana azy ireo teknika tsy miaraka amin'ny fanalahidin'ny fitantanana dia tahaka ny manome boky tsy misy solomaso amakiana azy ! Araka ny efa nohazavaiko, niezaka namaly ny filàn'ny mpiompy trondro mikasika ny olan'ny fitantanana izahay. Ireo fitaovana izay mamaly tsara ny fangatahan'izy ireo dia ampiasainy amin'ny ankapobeny. Manampy azy amin'ny fifampidinihana sy ny fanatsarana ny lamina amin'ny taom-pamokarana zana-trondro sy fanatavizana, ny ara-bola, ny famarotana sy ny fitantanana ny valam-pamokarana. Ankoatra izay, rehefa ataoo ny tombana ara-tekinika sy ara-toekarena (fa tsy ara-tekinika fotsiny) dia afaka manova ny safidiny eo amin'ny lafiny teknika sy ny fitantanana araka ny tanjona kendreny ny mpiompy trondro. Ny fitahirizany ireo fitaovana ireo ho an'ny taom-piompiana mifandimby dia ahafahan'izy ireo manaraka akaiky ny fivoaran'ny famokarana ataony.

# Fitaovam-pitantanana noforonina ho an'ny mpiompy trondro

*Fitaovam-pitantanana maro no noforonina niaraka tamin'ireo mpanentana sy ireo mpiompy trondro miara-miasa amin'ny APDRA mba hamahana ny olan'ny fitantanana sedrain'ireto farany.*

Ireto avy ny fitaovam-pitantanana nampiasaina :

- **Peta-drindrina fandraiketana an-tsoratra ny teknika sy ny ekonomika :** fitaovana mora ampiasaina kokoa mitaha amin'ny kahie firaiketana an-tsoratra ; natao hitahirizana ny zava-mitranga rehetra eo amin'ny famokarana mandritra ny taom-pamokarana iray izy ity, na eo amin'ny lafiny teknika (daty fampanatodizana, fandrotsahana trondro, fanajariana, famahanana, sns.) na ny lafiny toekarena (fidirana sy fivoaham-bola).
- **Fisy fikajiana ireo tondro ara-teknika sy ara-ekonomika :** natao hikajiana ireo mari-drefy manan-danja tamin'ny taom-pamokarana teo aloha ity fitaovana ity ; mifototra amin'ny tarehimarika hita tao amin'ny peta-drindrina firaikena ara-teknika sy ara-toekarena ny kajy rehetra. Tanjona ny hamintina ny fotoam-pamokarana sy hanatsoaka lesona hampivoarana ny taom-pamokarana manaraka.
- **Fitantanana ny asa famokarana zana-trondro na ny « 4 F zana-trondro » :** izy no ahafahan'ny mpamokatra zana-trondro mandamina mialoha ny famokarany hifanaraka amin'ny zava-misy (tsy fisian'ny rano, tinadin'ny tsena, sns.) sy mamaly tsara ny filàn'ny mpanatavy zana-trondro.
- **Tetiandro famatsiam-bola ny asa famokarana trondro :** manampy ny mpiompy trondro tojo fahasahiranana ara-bola ary tsy afaka mamita tsara ny asany izy ity. Tanjona ny hahazoan'izy ireo mitantana tsara ny famokarany araka ny vola misy eo am-pelatanana, amin'ny alàlan'io fitaovana io.

Ankehitriny, mbola mamorona fitaovana hamaliana ireo fanontaniana vaovao sy olana hovahana ny mpanentana. Foronina miaraka amin'ny mpiompy trondro ary natao ho azy ireo izany fitaovana izany, lasa fampiasany ary ampifanarahany amin'ny filàny sy ny zava-misy iainany avy eo. Efa anaovana andrana ankehitriny ny fitaovana sasany mialoha ny hanapariahana azy.

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny famokarana trondro tantanam-pianakaviana

### Matsiatra Ambony

# Fitaovana zary fananan'ny mpiompy trondro

*Nampifanarahan'ny mpiompy trondro sasany ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony amin'ny filàny ny petadrindrina fandraiketana an-tsoratra ny teknika sy ny ekonomika.*

Efa roa taona no nampiasan'ny mpiompy trondro ny peta-drindrina fandraiketana an-tsoratra ny teknika sy ny ekonomika tao Tatadratsy sy Ambalafandrambato, ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony. Manampy azy ireo hanatsara ny vokatra io fitaovana io, nampifanarahany amin'ny zava-misy anefa mba hamaly ireo filàna hafa.




*Ny kahie ampiasain'i Pierre sy Noro amin'ny fandraiketana an-tsoratra*

Na teo aza ny peta-drindrina fandraiketana an-tsoratra ny teknika sy ny ekonomika nomen'ny mpanentan'ny APDRA dia nisafidy ny hampiasa kahie izay hitany fa manamora ny fitanana ireo antontan'isa ilaina amin'ny fanaovana tombana isan-taona izy ireo. Sarotra ny fampiharana tany am-piandohana, nivoatra kosa izany rehefa zatra ary nahafahan'ny tsirairay nanatsara ny vokatra sy ny fidirambolany io fitaovana io, nohon'ny fahalalana ny tombony azo avy aminy.

Nohakelezin'ireo tantsaha ny peta-drindrina, nohetezany ary napetany teo amin'ny pejin'ny kahie avy eo ny lohateny. Nampiana kisary ihany koa hahazoan'ireo tantsaha tsy niofana na tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny vontoatiny. Natsivalana ny tsanganana hanamora ny famakiana amin'ny ankapobeny sy ny famenoana. Ny olona tsirairay, na mahay mamaky teny sy manoratra na tsia, dia mampiasa lasitra mitovy ary afa-po. Mampiasa kahie firaiketana an-tsoratra i Pierre sy Noro, mpivady tanora, mipetraka ao Tatadratsy Ranomaitso, ary nilaza fa « Tsara ny mandray an-tsoratra ary azo ampifanarahana amin'ny asa maro araka ny filàn'ny tsirairay io fitaovana firaiketana an-tsoratra io ».

### Itasy

# Mitantam-bola hahazoana mamatsy ny asa fanajariana

*Taona maro no niarahan'ny mpiompy trondro niasa tamin'ny APDRA tao Antamboho Antsahavory, kaominina ambanivohitra Manazary. Ny fampiasana fitaovam-pitantanana iray natolotry ny TFT no namahan'izy ireo ny olan'ny famatsiam-bola ny asa fanajariana toeram-piompiana trondro.*

Aorian'ny taom-pamokarana iray dia manao tombana miaraka amin'ny mpiompy trondro ny ekipan'ny APDRA mba hijerena ny vokatra azo. Io koa no fotoana ifampiresahana ny olana nosedraina, ny tanjona sy ny vahaolana hanatsarana ny taom-pamokarana manaraka.

Vokatry ny tsy fisian'ny vola dia zary olana miverimberina ho an'ny mpiompy trondro ao Antamboho Antsahavory ny tsy fahavitàn'ny asa fanajariana. Asa maro, toy ny voly avotra sy ny fanetsana, no mifanindry ary miteraka fandaniana lehibe, indrindra amin'ny fanombohan'ny fotoam-pamokarana (oktobra-febroary). Tsy ampy intsony noho izany ny vola entin'ireo mpiompy trondro manajary araka ny tokony ho izy ny toeram-piompiany.

Ny fanapahan-kevitra hampiasa ny fitaovana « tetiandro famatsiam-bola ny asa famokarana trondro », tamin'ny taona 2019, dia nahafahany nanomana sy nandamina mialoha ny volany, hamatsiana ireo asa takian'ny fiompiana trondro, indrindra ny fanajariana. Tena fahombiazana ny fampiasana io fitaovana io ho an'ny mpiompy trondro ao an-toerana ary tsy voaresak'izy ireo intsony io olan'ny famatsiam-bola ny asa fanajariana io tamin'ny fanombanana ny taom-pamokarana farany. Resy lahatra amin'ny lanjan'ny fitaovam-pitananana mba hampandeha tsara ny asa ihany koa izy ireo.




*Mandamina mialoha ny taom-pamokarana 2020-2021 i Hary sy Juliette*

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny famokarana trondro tantanam-pianakaviana

### Vakinankaratra

# Fantarina ny antsipirian'ny famokarana trondro hahatsara ny fitantanana

*Miompy trondro an-tanimbary Rakotoarisoa Joelison Jean Denis sy Ramiarisoa Jeanne vadiny ao Maromandray, kaominina Maromandray, distrikan'i Mandoto. Zarainy amintsika ny soa azony tamin'ny TFT.*

« Fanatavizana trondro no fanaonay fa tamin'ity taona ity kosa dia nanapa-kevitra ny hamokatra zana-trondro. Tanjonay ny hanana zana-trondro betsaka hohatavizina ao an-tanimbary. Mifanindry amin'ny fanombohan'ny asa eny an-tsaha mantsy ny fampidirana trondro ka tsy ampy hividianana zana-trondro betsaka ny volanay amin'io fotoana io. Ankoatra izay, tsy afaka mividy zana-trondro amin'ny kalitao sy habe tsara izahay noho ny halafon'ny vidiny hany ka mionona amin'izay hita.

Mialohan' ny hanao io asa vaovao io izahay dia te hahafantatra ny fandaniana amin'ny fiompiana trondro. Nandramanay ny nanoratra izany tao anaty kahie saingy tsy nahazoanay tarehimarika mazava fa sahabohabo ihany. Nanontany ny mpanentan'ny APDRA izahay taorian'izay mba hanampy sy hanofana anay amin'ny fitantanana ara-toekarena ny famokarana ataonay. Faly izahay satria namaly ny filànay ny fitaovana firaiketana antontan'isa natolony. Nasehon'io amin'ny antsipiriany mazava ny fandaniana tokony horaiketina isaky ny asa famokarana. Fantampantatray teo aloha fa kely ny fandaniana amin'ny fiompiana trondro mitaha amin'ny fiompiana hafa saingy tombatombana ihany no nataonay. Ny fahalalana mazava azo tamin'ny firaiketana an-tsoratra ny momba ny famokarana trondro no nahafahanay nandalina bebe kokoa ny zava-misy. Nahafahanay naka ny fanapahan-kevitra tokony horaisina izany. Ny antontan'isa izay mazava sy azo antoka dia nanampy anay ihany koa tamin'ny fifehezana ny fandaniana sy ny fidiram-bola. »






*Jean Dennis sy Jeanne, mpiompy trondro an-tanimbary ao Maromandray*

### Itasy

# Ny fahombiazan'ny taom-panatavizana 2020-2021 teo amin'ny lafiny toekarena

*Ny famakafakana ny vokatra ara-teknika sy toekarena ny fanatavizana trondro nataon'ny mpiompy tohanan'ny PADM Composante A dia nanaporofo ny fahombiazana ara-toekarena teo amin'ny taom-pamokarana 2020-2021. Mamintina izany ny ekipanay.*

Na teo aza ireo olana nosedrain'ny mpiompy trondro an-tanimbary (tsy fisian'ny rano, halatra, sns.) nandritra ny taom-panatavizana 2020-2021 dia nanamafy ny fahombiazana ara-toekarena azon'izy ireo ny vokatra ara-teknika sy toekarena voakajy avy tamin'ny fampiasana fitaovam-pitantanana roa (petadrindrina fandraiketana an-tsoratra ny teknika sy ny ekonomika ary ny fisy fikajiana ireo tondro ara-teknika sy ara-ekonomika). Mahatratra 32 700 Ariary isaky ny ara ny salam-tombony azo, vokatra izay tena mahafa-po ny ankohonana.

Santionana tokantrano mpiompy trondro an-tanimbary 39 no nanaovana ny famakafakana. Ho an'ny fiompiana trondro an-tanimbary, manodidina ny 10 200 Ariary/ara ny fandaniana nataon'izy ireo, avy amin'ny fampiasana ny zava-misy teo am-pelatanana izay ny 75 % amin'izany tsy namoaham-bola (asa ataon'ny mpianakavy, famahanana, fanamasahana, sns.). Mitentina 22 500 Ariary/ara ny tombony amin'izany izay midika fa sala-tombony 382 500 Ariary isaky ny taom-pamokarana no azon'ny tokantrano amin'ny velarana tokony ho 17 ara.

Nampisongadina ny lanjan'ny fiompiana trondro amin'ny fidiram-bola sy ny fanjarian-tsakafon'ny tokantrano mpiompy trondro ny fampiasana ny fitaovana firaiketana an-tsoratra. Araka ny fandinihana ny antontan'isa voarakitra, 73 isan-jaton'ny vokatra no namidy, 22 isan-jato natao sakafo ary nomena ny mpiara-monina ny ambiny hitarihana azy hiompy trondro.




*Mampahafantatra ny vokatra ara-teknika sy ara-toekarena azon'ny mpiompy trondro ao Mandiavato i Tolotra, ACP miasa ao Itasy*

## LOHAHEVITRA : Atsaraina ny famokarana trondro tantanam-pianakaviana

### Amoron'i Mania

# Tantanina tsara ny famokarana trondro hampitombo ny vola miditra

*15 taona Randriamiranto Freddy, tanora mpanatavy trondro ao Mandimbisoa, kaominina Imito, distrikan'i Fandriana. Resahiny amintsika ny fitantanana sy ny famatsiam-bola ny asa famokarana ataony.*



*Tanora mpiompy trondro monina ao Mandimbisoa Imito i Freddy*

« Tamin'ny taona 2018 aho no nanomboka niompy trondro ary nanaraka fiofanana nomen'ireo mpanentan'ny APDRA tamin'ny 2021. Nanatsara ny vokatra azoko ny fifehezana ny teknika fanatavizana karpa. Trondro 50 kg no azoko tamin'ny velarana mirefy 32 ara tamin'ny taon-dasa.

Betsaka ny fiofanana azoko tamin'ny APDRA fa ny mikasika ny « tetiandro famatsiam-bola ny asa famokarana trondro » no tena nahaliana ahy. Nahitako tsara ny fandaniana sy ny fidiram-bola mifandraika amin'ny fiompiana trondro io fitaovana io, nanoro ahy ny làlana tokony harahina raha hampitombo ny vola ampidirin'io asa kely ataoko io koa izany. Omeko ny ray aman-dreniko, hampitombo ny fidiram-bolan'ny tokantrano, ny ampahany amin'ny vola azoko, misy ampahany iray iantohana ny fianarana ary ny ambiny no amatsiana ireo asa hafa toy ny fiompiana akoho gasy, kisoa, sns.

Tsy manelingelina ny fianarana ataoko ny fiompiana trondro, zavatra roa azo ampiarahana sady mifameno tsara aza ireo. Rehefa avy mianatra na amin'ny faran'ny herinandro aho no mikarakara ny trondroko ; ankoatra izay tsy sarotra ny asa, toy ny fialam-boly. Amporisihiko araka izany ireo tanora tahaka ahy mba hiompy trondro, asa tsy mandany vola io ary mety hampidi-bola amin'ny fotoan-tsarotra. »

### Itasy

# Mifampiraharaha hahafahana miompy trondro

*Nametraka paikady ahafahany miompy trondro ireo tantsaha mpisitraka ny tetikasa ARENA, eo anivon'ny ONG Agrisud miara-miasa amin'ny APDRA sy ny ORN ao amin'ny faritra Itasy, na dia tena kely aza ny vola miditra amin'izy ireo.*

Mifantoka amin'ny tokantrano tena marefo, mazàna ao anatin'ny tsy fanjarian-tsakafo mitarazoka, ny tetikasa ARENA. Misedra fahasahiranana ara-bola izy ireo rehefa hiroso amin'ny fiompiana trondro, na dia tsapan'izy ireo ny tombontsoa lehibe ara-tsakafo sy ara-bola entin'io asa io. Niara-nikaroka ny vahaolana sy ny fomba hanatsarana ny fitantanana ara-toekarena ny asa atao tamin'ny mpanentan'ny APDRA izy ireo.

Ny tena olana dia ny fanombohan'ny asa fanatavizana trondro amin'ny fotoanan'ny maitso ahitra, fotoana tokony hividianan'ireo mpiompy vaovao zana-trondro kanefa manahirana azy ara-bola. Manoloana izany dia nisy ny fifanarahana tamin'ny mpamokatra zana-trondro eo an-toerana izay tohanan'ny APDRA. Azon'ny mpanatavy izay tsy afaka mandoa vola ny volana desambra na janoary ny manao izany tsy misy zana-bola amin'ny volana aprily. Misy fomba fanefana hafa ihany koa dia ny « asa atakalo zana-trondro » : zana-trondro mitentina 4 000 Ar no takalon'ny asa vitan'izy ireo ao anatin'ny andro iray. Nanangana tahiry, amin'ny alàlan'ny fitahirizana ny ampaham-barin'ny tsirairay, ihany koa ny mpanatavy, hahamora ny fividianana zana-trondro amin'ny fotoana fampidirana izany. Ny mpanentana eo anivon'ny ORN no manara-maso ny famerenam-bola ataon'ny mpanatavy. Na dia eo aza ny olan'ny rano avy amin'ny fiovaovan'ny toetrandro dia voafehin'ireo mpanatavy tohanan'ny tetikasa ARENA ny teknika sy ny fitantanana ny famokaran'izy ireo. Ataon'izy ireo laharam-pahamehana ny fihinanana trondro hiantohana ny fanjarian-tsakafon'ny ankohonany. Nahomby ho azy ireo ny taom-pamokarana voalohany ary vonona izy ireo ny hanohy izany !



*Avy naka trondro hatao laoka i Nambinina*

# TARATASIN'NY MPAMAKY

## Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 52
## « Ny fanamasahana : mamahana tanimbary na dobo »

Maro ianareo no nanontany anay mikasika ny FMT n° 52, isaoranay anareo izany ary mahafaly anay ny fankasitrahanareo ny lohahevitra. Ezahinay valiana etsy ambany araka izay mety ny fanontanianareo, sarotra anefa ny lohahevitra ka tsy voavalinay amin'ny antsipiriany izany nohon'ny fahateren'ny toerana anoratana. Ankoatra izay, tena miankina amin'ny zava-misy iainan'ny tsirairay (karazana tany, fomba fiompy, fitaovana ananana, sns.) ny torohevitra eo amin'ny lafiny fanamasahana, asainay àry ianareo hanontany sy hiresaka mivantana amin'ny ACP, izay afaka manome valin-teny sy torohevitra mifanaraka tsara amin'ny zava-misy iainanareo.

*« Mety tsara amin'ny mpiompy trondro vaovao ity lohahevitra ity hamporisihina azy ireo hanao fanamasahana. Mandray anjara amin'ny fahombiazan'ny fiompiana trondro izany. »* Ndrema Pierre Aloson Gérôme Gabriel (Andranovory Miezaka, Ambositra II)

*« Faly aho fa afaka nizara ny traikefako sy nahita ny an'ny hafa ihany koa. »* Randrianjatovo Emile Roger Martin (Ankeniheny, Ilaka Centre)

*« Nahafaly ahy ny lohahevitra tao amin'ny FMT, nahitako karazana fanamasahana sy ny fatran'ny zezika ampiharin'ny mpiompy any amin'ny faritra tsirairay. Ahafahako manatsara ny famokarako izany. »* Andrianasara Maminirina dit « Dama » (Maneva, Tsarasaotra)

*« Efa nanaraka fiofanana momba ny fiompiana kankana niaraka tamin'ny FORMAPROD aho tao Ambohimahasoa. Tena mahaliana io ary mahavokatra tsara. Efa misy olona mivarotra ireo karazana kankana ilaina. »* Randriatsilavitrony (Ambalahambana Ambinanindovoka)

*« Inona no karazan-kankana ompiana hahazoana zezika ? Ahoana no fiompy azy, atao anaty barika ? Ahazoana zezika betsaka ve izy io ? Tena mahagaga ny fiompiana kankana ahazoana zezika ! »* Rafaralahy Jeannot (Ambatovory), Randrianambinina Jacques Silot (Ambalahambana Ambinanindovoka)

**Valin-tenin'ny APDRA sy ny Cirad :** Ny mena bota (*Eseinia fedida*) no fampiasa eto Madagasikara amin'ny fiompiana kankana. Afarana izy io ary sarotra matetika ny ahazoana azy. Azo ampiasaina ihany koa ny karazan-kankana eto an-toerana toy ny *Amynthas corticis*, ny *Eudrilus eugeniae* (kankanjila) sy ny *Pontoscolex corethrurus* (kankamena). Azo atao ny mamokatra zezika anaty barika kanefa mila ariana matetika ny ranony izay mitsika any ambany mba tsy hahafaty an-drano ny kankana. Miankina amin'ny fatra sy ny karazana kankana sy ny zavamaniry ampiasaina ny zezika vokatra.

*« Ahazoana vokatra tsara ny fampiasana tain-kisoa ho an'Analamanga. Io koa no zezika aty aminay […] saingy tsy voaresaka ny fatra fikojakojana amin'ny fiompiana trondro. Mitovy amin'ny fatran'ny tain'omby ve ny fatran-jezika ampiasaina, na dia masiaka kokoa aza ny tain-kisoa, indrindra ho anay mamokatra an-dobo ? »* Razafimahatratra Hermeningild (Ambalamahamasy Anjoma)

**Valin-tenin'ny APDRA sy ny Cirad :** Eny, mitovy ny fampiasana ny tain-kisoa sy ny tain'omby amin'ny fanamasahana fikojakojana, na dia miovaova aza ny tena fatran'ny azota, ny faosifaoro sy ny rano. Amporisihina ny fitondrana matetika fatra kely hialàna amin'ny fahampoizinan'ny fiompiana (6 kg/ara/andro raha be indrindra). Amin'ny fiompiana an-tanimbary, amporisihina ihany koa ny fanajanonana ny fanamasahana amin'ny fiterahan'ny vary hisorohana ny tsy fanjarian'ny voa.

*« Inona avy no tombontsoa azo avy amin'ny karazana zezika fanamasahana ? Inona no zezika tena tsara, simika sa organika ? »* Razafindraibe Jean Christian (Ankijandrano Iharanany)

**Valin-tenin'ny APDRA sy ny Cirad :** Tsy misy ny zezika « tena tsara ». Ny fisiany eo an-toerana, ny fahamoran'ny fampiasana sy ny vidiny no zava-dehibe. Ny zezika mineraly (atao hoe « simika ») matetika no marihitra kokoa kanefa lafo izy io ary mety ho sarotra hita. Ny tain'akoho dia marihitra noho ny tain-kisoa na ny zezika avy amin'ny biby iray karazana amin'ny omby. Rehefa tsy misy biby fiompy dia azo atao ny manodina ny zavamaniry ho lasa kaomposita amin'ny fandaniana farany ambany. Tsara ho fantatra fa mahomby kokoa hatrany ny zezika mitsiranoka mitaha amin'ny zezika maina rehefa afafy satria tena tsara ny fipariahany ao anaty rano.

*« Nahaliana anay ny lahatsoratra izay manatsara ny kalitaon'ny rano natao hampahomby kokoa ny fanamasahana […] ahoana no ahazoanay mandrefy ny kalitaon'ny rano ao anatin'ny tanimbarinay (ny harikiviny) ary azo ampiasaina amin'ny faritra mangatsiaka toy ny aty aminay ve io teknika io ? Inona no tsy mampitovy ny kalsioma, ny* chaux vive *sy ny dolomia ary inona no ifandraisany amin'ny fanamasahana ? »* Razafimandimby, Rabemahasoa, Raefadahy (Antsampandrano, Antanifotsy)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Sarotra ho an'ny akora organika ny mitàna ny anjara asany rehefa ambany loatra ny fatran'ny kalsioma ao anaty rano. Ny dolomia fampiasa amin'ny voly sy ny fiompiana, ny *chaux vive* sy ny *chaux éteinte* dia samy akora simika manan-karena kalsioma izay enti-mamaha io olana io sy hanatsarana ny fahombiazan'ny zezika. Samy manana ny fahombiazany izy ireo kanefa mety hiteraka fandaniana sy fahapoizinan'ny trondro ihany koa. Ny fandrefesana ny kalitaon'ny rano dia ilaina fitaovana izay tsy mbola ananan'ny mpiompy trondro rehetra. Fantatra anefa fa eto Madagasikara dia ambany mazàna ny fatran'ny kalsioma ao anaty rano. Mila mifanaraka amin'ny maripana mihoatra ny 16 °C (maripanan'ny rano amin'ny mitataovovonana) ny fitondrana *chaux*.


*« Tena nisy fiavahany ny famahanana sy ny fanamasahana satria rehefa nanamasaka dia hita ny fihatsaran'ny voka-bary sy trondro. Midika izany fa nisy ampahan-jezika nampiasain'ny vary ary nisy lasan'ny trondro. Tsy misy olana ve eo amin'ny zana-trondro raha sady manao famahanana no manao fanamasahana ? »* Tovonanahary Paul dit « Radada » (Ambalamitsiry Ampamaremana)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Tsy mampaninona ny zana-trondro ny fampiasana miaraka ny fanamasahana sy ny famahanana. Sady manatsara ny taha-pahaveloman'izy ireo izany no mampitombo isa ny vokatra. Tsy voatery hiabo hatrany anefa ny tombontsoa ara-toekarena azo amin'ny fampiarahana ny fanamasahana sy ny famahanana. Miankina amin'ny fahafahan'ny mpamokatra mampiasa vola izany, ny fisian'ilay sakafo sy ny vidiny, ary ny fitantanana azy (tsy ho verivery fahatany).

# Toetrandro nanahirana ho an'ny fiompiana trondro

*Tena nanahirana ny mpiompy trondro malagasy ny fotoanan'ny orana 2021 – 2022.*

Novambra no tonga ny orana voalohany kanefa tsy ampy. Maina kokoa ny volana desambra (tao Antsirabe, 20 isan-jaton'ny orana mitaha amin'ny fatra antonony, renirano maina, …) ka tsy nahafahana nihosy sy nanetsa ny tanimbary.




*Tototry ny rano ny ivotoeram-pamokarana trondro ao Ivoloina tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai*


Rivodoza 5 no nifanesy taorian'izay, niteraka fahasimbana lehibe tany amin'ny Morontsiraka Atsinanana sy ny Afovoan-tany, nitarika tondra-drano sy fahaverezan-trondro betsaka (Toamasina, Fianarantsoa, Fandriana, …). Kanefa tsy ampy matetika ny orana tany an-toeran-kafa.

Manoloana izany, tsy maintsy heverina ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetrandro ary nampametra-panontaniana anay « ahoana no ampifanarahana izany amin'ny fiompiana trondro mba ahazoana mampihatra azy anatin'ny taona maromaro manaraka ». Hataon'ny APDRA loha-laharana io lohahevitra io. Mila ny traikefa sy ny fikarokarohanareo izahay, hifanakalozana, hisainana, hanatsarana sy hikarohantsika fomba hahafahantsika mampifanaraka miaraka ireo fepetra manahirana ireo ka hanohizana ny famokarana sy ny fihinanana trondro.

# SAMIHAFA

## RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.
Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Biby misy kirany miaina anaty rano
2. Fitaizana na famokarana biby
3. Asa atao entina mamokatra zavatra iray
4. Izay rehetra entina miasa
5. Fomba fijery na fomba fanao hita fa mety na tsara ka aroso ho an'ny hafa
6. Fomba fandraisana an-tanana ny fampandehanana ny asa iray
7. Zava-tsoa azo avy amin'ny zavatra iray na amin'ny atao

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 52***

*1. Kankana*
*2. Manatsara*
*3. Zezika*
*4. Trondro*
*5. Fiompiana*
*6. Vokatra*
*7. Fanamasahana*




## Romazava trondro

***Fangaro :***

*Trondro 1*
*Anamalaho 1 toko*
*Tongolobe*
*Voatabia*
*Menaka*
*Ananambo 1 toko*

***Fikarakarana***

1. Atao ao anaty vilany ny trondro, ny tongolobe, ny voatabia, ny menaka ary ny rano hanamasahana azy
2. Arotsaka ny anamalaho voakarakara mialoha rehefa akaiky ho masaka ny trondro
3. Arotsaka ny ananambo

Mazotoa homana ô !

*Source : Recette adaptée de celle de l'Office Régional de la Nutrition Itasy*




*Romazava trondro atao laoka*


APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org



*Talen'ny Famoahana*

Barbara Bentz

*Tonian'ny Fanoratana*

Sidonie Rasoarimalala

*Mpanoratra*

Herisoa C. Andrianantenaina
Julia Andriamananjara
Philippe Martel
Josia Ramananjaona
Donatien Razafindratsiry
Faly Razanajatovo
Harifetra Riantsoa